# 365Tantara 77.Ny herin'ny vavaka



# 77. Ny herin'ny vavaka

Taona maro lasa, nisy zazalahy nianjera ka naratra ny lohaliny. Noheverina fa tsy dia haninona, kanefa raha tokony ho sitrana lasa niha-naharary sy nivonto ilay lohalika.



Ilay dokotera nantsoina hitsabo dia vao maika nampitahotra:

"Manahy aho fa tsy maintsy tapahana ny tongony."

Ary ny fanaviana izay miakatra hatrany dia toa manome vahana ilay teniny. Tamin'izay no nanapa-kevitra ny fianakavian'ilay zazalahy fa hivavaka. Dada, neny, rahalahy niara niombom-bavaka mafy ary niangavy tamin'Andriamanitra hamonjy ity zaza marary!



Ny ampitson'iny, gaga ilay dokotera raha nahita fa tsy teo intsony ilay mivonto ary matory tsara ilay marary.



Telo herinandro taty aoriana, afaka nandeha in-dray ilay zazalahy, Nositranin'Andriamanitra izy!

Dwight David EISENHOWER ny anarany.

Ny Filazantsara dia miteny amintsika:

"Mangataha ary ahazo ianareo"



Maro ny olona afaka mijoro vavolombelona ny fahamarinan'izany Teny izany. Andriamanitra dia mamaly foana, na dia heverintsika ho tsy mihaino na tsy ho tanteraka araka ny heverintsika aza ny fangatahantsika. Andriamanitra miasa ho amin'izay mahasoa antsika foana! Ary tsy fantatsika foana matetika izay mahasoa antsika. Fa mila mahatoky Azy isika ary mitozo amin'ny vavaka! amin'ny fahatokiana fa hamaly izy araky ny Sitrany izay tsara sy lavorary hatrany na dia tsy takantsika aza.